

Ny Angano Siantifika ①

NOSORATANI
JEAN PIERRE
PETIT



INDRAY ANDRO DIA NISY ANDRIANA IRAY NIPE-
TRAKA TAO ANATY LAPA MAHAFINARITRA, TANY
AMIN'NY FARITRA ATSIINANANA TANY.
NANAN-KARENA TOKOA IZY, NA NY VOLAMENA, NY
VEHIVAVY, NY SOAVALY MAHAFATIFATY DIA NANAN-
ANY AVOKOA. SAINGY ISAN'ALINA IZY DIA
TSY METY MAHITA TORY, SATRIA MANONTANY
TENA NY AMIN'IZAO REHETRA REHETRA IZAO IZAY
MBOLA TSY NAHITANY VALINY MIHINTSY.
ISA-MARAINA DIA MIANTSO AN'I CHATZMANI IZY,
IZAY LEHIBEN'NY MINISITRA.

CHATZMANI, HENOY
MOA, TAMIN'NY
NOFIKO AHO HALINA
DIA NAHITA ZAVATRA
HAFAHAFY. NOTAPAH-
HINA ROA AVY EO
AFOVOANY IO
ZAVATRA IO.

ARY DIA
TSY NANOME
AFA-TSY ZAVA-
TRA IRAY IZY AVY
EO!

AFA-TSY
ZAVATRA IRAY
HOE, TOMPOKO,
SAROTRA
INOANA IZANY.

IZANY NO HITAKO! ILAKO IO ZAVATRA IO.
MISY IO. TADIAMO IZAY MISY AZY. RAHA TSY
IZANY NY AINAO NO MANEFA. OMEKO TELO
ANDRO IANAO!

FA...
TOMPOKO OI!

RAHA TSY TONGANAO ETO AMIKO IO ZAVATRA
IO AO ANATIN'NY TELO ANDRO, DIA HOMEKO NY
FITSARANA IANAO!

TENA TSY MISA-
NGY MIHITSY ITY
ANDRIANA ITY. ITY
IZY, MIARAKA AMIN'
NY NOFINOFINY!

LANTURLU!

INTY NY LEHIBEN'NY
MINISITRA. FA INONA
INDRAY ARY NY RATSY
VITAKO E?

AH...

OMEKO TELO ANDRO IANAO, TSY MIHOATRA IZAY, MBA
HAMORONANAO ZAVATRA IRAY IZAY TSY MANOME AFA-
TSY ZAVATRA IRAY MONJA REHEFA TAPAHINA ROA.


RAHA TSY
HITANAO IO, DIA
HALEFAKO HOVO-
NOINA IANAO!

FA... TOMPOKO...
IZAHO ANIE KA
MPIASANAO FO-
TSINY IHANY E...



MAZAVA IZANY. TE HAMONO AHY I CHATZMANI. TSY HO MORA NY MITADY IZANY ZAVATRA TADIIVINY IZANY SATRIA ZAVATRA TSY MISOY AKORY.

RAHA TSOFAIKO AVY ETO AFOVOANY ITY FEHIN-TANANA ITY DIA MAHAZO VARINGARINA ROA AHO, FA TSY IRAY TSY AKORY.




DIA TONGA NY ANDRO FAHATELO IZAY NANDRASANA

NANIDINTSIDINA ERAKY NY FANJAKANA AHO FA TSY NAHITA ZAVATRA METY HITOVITOVY AMIN'ILAY NOTADIIVIN'I CHATZMANI TOMPONAO.



TENA MARINA MIHINTSY IZANY



ITY I ALÉTHÉA, EFA HO ALINA ITY NY ANDRO. RAHAMPITSO VAO MANGIRAN-DRATSY, DIA HO ENTIN'I CHATZMANI HO TAPAHINA NY LOHAKO. INONA ARY NO NDEHA HATAO. LOZA, NANADIO VARAHINA AHO TALOHA. TSY MAINTSY MANOHY IHANY NEFA AHO.

ANDRIAMANITRA O, TENA MBA MALOTO BE KOA IZANY FANAOVAN-JIRO IZANY, HAREFESINA BE. TOKONY HO KOSEHAKO MAINA ITO RAHA TIAKO HAMIRATRA TSARA



ARY DIA NOKOSEHIN'I ANSELME LANTURLU NY JIRO...



AH, ELA NY ELA KA NAHAZO RIVOTRA!

LOZA ITY, FA IZA IANAO?!

MEEEEOOO!

SOFIA NO ANARAKO. MIPETRAKA ATO ANATIN'ITY FANAOVAN-JIRO ITY AHO

INONA?! MIPETRAKA ATO ANATIN'ITY FANAOVAN-JIRO EFA NTAOLO BE ITY HOE IANAO?

ENY E, TANTARA LAVA BE IZANY FA MBOLA HO TANTARAIKO ANAO INDRAY ANDRO ANY. FA INONA ALOHA NY OLANAO AMIN'IZAO FOTOANA IZAO E?



I CHATZMANI, ILAY TOMPOKO, DIA NITENY AHY HOE HOTAPAHINY HONO NY LOHAKO RAHAMPITSO MARAINA RAHA TSY MAHITA ZAVATRA ZARAINA ROA AVY EO AFOVOANY NEFA MANOME ZAVATRA IRAY IHANY AHO, NEFA ZAVATRA TSY HISY MIHINTSY IZANY. NOHO IZANY, VAO MANGIRAN-DRATSY DIA HO ENTINY ANY AMIN'NY MPANAPA-DOHA AHO.

HAY VE E, MAZÀNA MISY ZAVATRA HEVERINA HO TSY AZO ATAO NEFA KAY AZO ATAO IHANY. NDAO HANONTANIAN-TSIKA NY HEVITRY NY PROFESORA ZÉPHYR

IZA IZANY ZÉPHYR IZANY?

NIJANONA AO ANATY FANAOVAN-JIRO AO IZY. MIVOAHA, RY ZÉPHYR MPAMP-PIANATRA O

TE HIVOAKA TOKOA AHO FA ATAOVY MANALAVITRA AHY ALOHA IO SAKA IO!

SAKAVAVY RE IO E, ARY EFA ANTITRA BE. AZA MANANA AHIAHY AMIN'IO IANAO




ENY ARY...

TOA TSY AZO ATAO NY ZAVATRA ANGATAHIN'INGAHY LEHIBE VIZIR. JEREO : NOTAPAHIKO AVY EO AFOVOANY ITY VARINGARINA ITY, DIA...

HUM, HITAKO NY HEVITRA. A TOMBOHY AMIN'NY FANJAIRANA NY SOMBINY ROA ATAOVY MIFANAINGINA

MANANA HEVITRA TSARA HATRANY ANIE I ZÉPHYR IO EI

FA...



HOTAPAHINTSIKA AMIN'IZAY NY BANDY. HASAINTSIKA MANAO TAPAPIHODINANA IRAY IZY DIA HAPETAKA INDRAY AVY EO, TOY NY ETO AMIN'NY SARY

DIA AHOANA, INONA AKORY IZAY MIOVA EO?

MAMPIOVA ZAVATRA IO, RY ILAY DONTO BE ITY A. ESORY AMIN'IZAY NY ZAITRA DIA HO HITANAO.



MARAINA
ITY NY
ANDRO




SOFIA! AVOTRA AHO. NO-TAPAHIKO AVY EO AFOVOANY
ITY ZAVATRA HAFAHAFANA ITY
DIA TSY NAHAZO AFA-TSY
ZAVATRA IRAY AHO!

HO AN'NY PROFESORA
ZÉPHYR NY FANKASI-
TRAHANA REHETRA



HEIN, ZAVATRA TSY DIA
MISY DIKANY IZANY.
TOETRY NY RIBÂN'NY
MÖBIUS FOTSINY




DIA NOMEN'I ANSELME AN'I
CHATZMANI ARY ITY ZAVATRA
MAHAGAGA ITY, IZAY
NANOME AZY IO AN'NY
ANDRIANA, IZAY TENA AFA-PO
TOKOA




ARY DIA NANOME AZY KITAPO
FENO VOLAMENA

SOFIA SY ZÉPHYR DIA NIVERINA TAO ANATY FANAO
VAN-JIRO, SADY NITENY TAMIN'I LANTURLU FA
RAHA MISY ZAVATRA ILANA AZY IREO DIA
KASOHINY FOTSINY NY FANAOVAN-JIRO MBA HIVER-
ENANY INDRAY HANAMPY AZY

NY ANATRA ANATIN'ITY
TANTARA ITY DIA HOE
ALOHAN'NY HITENENANA HOE
AZO NA TSY AZO ATAO NY
ZAVATRA IRAY, DIA MILA
MIERITRERITRA TSARA



NIVERINA NANDRITRA NY FOTOANA FOHY NY FAHANGINANA TAO ANATIN'NY LAPA
VOLAMENAN'ISPAHAN.
SAINGY NANDRITRA IZAY, NY MINISITRA CHATZMANI DIA NANOHY TSY
AMIN' AHIAHY NY FANGALARANY TAO AMIN'NY MPANJAKA ARY I ANSELME NANOHY
NANADIO VARAHINA,
NY ALIN'INGAHINDRIANA DIA NOREBIREBEN'NY NOFY HAFAHAFANA SY MAMPIERITRE-
RITRA FOANA



CHATZMANI, NANONOFY ZAVATRA HAFAHAFANA AHO
HALINA : NISY ZAVATRA NOTSOFIKO ARY IO
ZAVATRA IO, RAHA TOKONY HANIDINA LAVITRA, DIA
NIVERINA TATY AMIKO INDRAY.
ARAKARAKY NY ITSOFAKO AZY NO VAO MAINKA
IVERENANY ATY AMIKO. MITSOKA HATRANY AHO FA
MIPETAKA ETY AMIKO IZY. NDEHA, ENTO ATY AMIKO
IO ZAVATRA IO.
MISY IO MATOA HITAKO TAMIN'NY NOFY. ATAOVY
TONGA ETO AMIKO IO AFAKA IRAY VOLANA RAHA
TSY IZANY DIA NY AINAO NO MANEFA.

!?!?

Ny Angano

Siantifika



CHATZMANI, ILAY LEHIBEN'NY MINISITRA DIA TENA TSY FALY TOKOA



ANSELME!
ANSELME LAN-
TURLU!

FA AIZA
ARY ILAY
AKA INY?

INTY AHO,
TOMPOKO

ANSELME, AFAKA ROA ANDRO IANAO DIA TSY MAINTSY MAHITA ZAVATRA AZO TSOFINA NEFA MIV-ERINA ENY AMINAO IHANY IZY IO ARAKARAKA NY ITSOFANAO AZY FA TSY MANDOSITRA ANAO TSY AKORY, RAHA TSY IZANY DIA AMPANAPAHIKO NY LOHANAO!

ROA ANDRO HOE?
NAHENAN'NY ANDRIANA NY FE-POTOANA! SOA IHANY FA MISOY FANAO-VAN-JIRO MAHAGAGA



ALEFA
ARY



ANSELME, MAHAFINARITRA IZANY! IZAO EFA NANO-MBOKA SORISORENA.

SOPHIA, MILA ANAO INDRAY IZAHAY. TSY NAHITA TORY INDRAY NY ANDRIANA. NANONOFY HAFAHAFY IZY, ARY NANGATAKA TAMIN'NY PRAIMINISITRA MBA HAMAHA NY OLANY, ARY SATRIA IZAO NO MPANOMPONY DIA LASA MIANJERA ATY AMIKO FOANA TZAO REHETRA IZAO





HAFAHAFANA IZANY. MAZANA REHEFA TSOFINA NY ZAVATRA IRAY DIA MANIDINA MANALAVITRA ANAO



HUM, ZAVATRA EFA TSY HAIKO INTSONY IZANY. TOKONY HILA HEVITRA ANY AMIN'NY DOKOTERA TSO-DRIVOTRA ISIKA. NOHO IZANY DIA MILA MANAMBOATRA TSIHY MANIDINA ISIKA. TSIHY EFAJORO NO ILAINTSIKA


AHORONA ALOHA NY TARATASY, HOATR'IZAO:



ATAO IRAIZOTRA AMIN'NY SIAVAZORON'ILAY EFAJORO NY FAMA-LO-NANA AZY

ANDEHA ALOHA ISIKA HANAM-BOATRA IRAY KELIKELY


DIA AVY EO TAPA-HINA NY SISINY MBA HAMPHORONA AZY



HATREO AMIN'NY SIAVAZORO TSY DISO



APETAKA AMIN'NY RIBA FANDRAIKETANA NY SISINY ROA




INDRO ARY NY EPISKOPLANA


JERENA AN-DRIRANA

AORIANA

ALOHA



JERY ANOLOANA



TAZONINA AVY AO AORIANA ARY ALEFA MORAMORA,




ARY TOA SATROKA?


TSIA, MILINA AFA-MANIDINA INY

RAHA VOAVOATRA TSARA NY EPISKOPLANA DIA AFAKA MANIDINA TSARA, ARY LAVITRA BE. TSY TOKONY HALEFA AN-KERISETRA IZY, FA IZAY HAFANGANANA ILAINA FOTSINY NO OMENA AZY TAHAKA NY HOE HAMETRAKA AZY EO AMBONY RIVOTRA IZAY HITONDRA AZY

MAHAGAGA!?!



IZAY, REHEFA AVY NANANDRANA IANAO, DIA HANAMBOATRA IRAY LEHIBE AMIN'IZAY ISIKA AMIN'NY TSIHY EFAJORO



AH, TENA TSARA FAHATONGAVANA
IANAREO, NISY FANANDRAMANA NATAOKO
IZAY

AMIN'NY PAOMA?

TSOFIKO AVY EO ANELANELANY IREO
PAOMA IREO



ASIANAO RIVOTRA EO
ANELANELAN'IREO PAOMA IREO,
ARY RAHA TOKONY HIFANALAVITRA
IZY DIA LASA MIFANATONA
MIFAMPIPETAKA



NAHANTOKO TAMIN'NY TADY IRAY
METATRA AVY IREO PAOMA IREO, DIA
NATAOKO MIFANALAVITRA KELY DIMY
MILIMETRA FOTSINY

TSIA!

HOATRAN'NY PAOMAN'I NEWTON IZANY,
TAPAHINAO NY TADY DIA MILATSAKA
AMIN'NY TANY ILAY PAOMA



ARA-DALÀNA IZANY, AMIN'NY ETONA, FA REHEFA
MIAKATRA NY HAFANGANA DIA MIDINA NY
TSINDRY, REHEFA MITSOKA EO ANELANE-LAN'IREO
PAOMA IREO AHO DIA MISOY LEMPONA EO

IE, FA AMIN'NY SISIN'NY FANTSITSIN-
DRIVOTRA NO MISOY AZY! FA RAHA AMIN'NY
TEZA DIA TOKONY HANIDINA ILAY
ZAVATRA NOTSOFINA, SA TSY IZANY?



ENY E, FA NY FANTSITSIN-DRIVOTRAREO, ATAOVY
AMIN'IZAY ITIAVANAREO AZY

MARINA NY
AZY!

FA AHOANA?



JEREO... APETRAKO AMBANIN'NY TÀNAKO ANKAVIA
ITY TAKELA-TARATASY ITY. AVY EO DIA APETAKO
AMIN'NY TAKOM-BITRANA NY VAVAKO EO
ANELANELAN'NY FANONDROKO SY NY FANONDRO
ADALA, IZAY AMPIFANALAVIRIKO. DIA AVY EO
TSOFIKO IZAY FARAN'NY AIKO. MIVOAKA AMIN'IZAY
NY RIVOTRA MANOSIKA NY TARATASY IZAY MITER-
AKA LEMPONA. ARY RAHA METY TSARA DIA...

ARY TOA EO AMBONIN'NY TARATASY
INDRAY IANAO NO MITSOKA!






METY ILAY IZY!?

BAORITRA MANIFY




IZANY HOE, VITANTSIKA ILAY ZAVATRA NOTADIAVIN'NY ANDRIANA. TARATASY KELY TSY MISOY DIKANY ILAY IZY!!!

ANDRASO FA HANAMBOARANTSIKA ZAVATRA TSARATSARA KOKOA NY ANDRIANAO. RAHA TARATASY MANTSY RAHA TSY MITSOKA MAFY IZY DIA TSY METY ARY DIA HO ALEFANY HOTAPAHAN-DOHA DAHOLO NY OLONA REHETRA!



KAPILA




AMBARATONGA 1/1

MILA MAMPIASA LAKAOLY SY RIBA FANDRAIKETANA REHEFA HAMPIFANOHY NY VARINGARINA EO AMBONY KAPILA NASIANA LAVAKA BORI-BORY

NY ASPIRISOUFLE



JEREONAO ANGE, RAHA MAMPIASA AN'ITO IANAO DIA AFAKA MITSOKA BOATIN' AFOKASIKA KOA



NISAOTRA AN'I DOKOTERA TSODRIVOTRA I ANSELME SY IREQ NAMANY TAMIN'IREO TOROHEVITRA NOMENY. ARY DIA NANDEHA TAMIN'NY EPISKOPLANA HIVERENANA ANY AN-DAPAN'NY ANDRIANA

I SOPHIA SY NY PROFESORA ZÉPHYR KOSA DIA NIVERINA TAO ANATY FANAOVAN-JIRO



NY ANDRIANA KOSA TAMIN'IO FOTOANA IO...

CHATZMANI! MILA NY POROFON' NY TOSIK'I ARSIMEDA AHO



TOMPOKO O, MAZANA ANIE NY AINGA TSY VOAPOROFO E!

Ny Angano Siantifika

3



LANTURLU!
LANTURLU!

AIZA INDRAY ARY ILAY
AKA INY?

CHATZMANI, ILAY
PRAIMINISITRA
DIA TENA TEZITRA
MAFY DIA MAFY



LANTURLU, NANONOFY
INDRAY NY ANDRIANA
HALINA, NANONOFY NY
POROFON'NY TOSIK'I
ARCHIMEDE. TIANY HO
AZO IO POROFO IO

TOMPOKO O...NY AINGA
ANIE KA TSY AZO PORO-
FOINA EI?!

MITADIAVA HEVITRA
IANAO, RAHA TSY
IZANY!

MANAPOROFO AINGA !
KAY LEITY EI!

NY ZAKA REHETRA ATSIKOBONA ANATY
RANO DIA MANDRAY TOSIKA AVY ANY
AMBANY KA HATRANY AMBONY ARY DIA
MITOVY AMIN'NY LANJAN'NY
HADIRIN'NY RANO NAFINDRA.
(TEO AMIN'NY 210 TAONA TALOHAN'I
JESOA KRISTY)

TOA HO SAROTRA IZY IZANY,
ALEO HANTSOINA I SOFIA

ITY ILAY FANAOVAN-
JIRO MAJIKA



INTY AHO TOMPOKO,
INONA NO AZOKO ANAMPI-
ANA ANAO?



INONA ARY ITY
KORONTANA
ITY?

NANGATAKA FITA-
OVANA ARIFOMBA I
SOPHIA


FANDAN-
JANA



PAOMA
IRAY

VATO FANDAN-
JANA...






MILA RANO KOA ISIKA,
RANO BE DIA BE. ARA-
DALANA IZANY RAHA
AMIN'NY POROFON'I
ARCHIMEDE


MILA KAOPY
KOA



JEREO. EO AMIN'NY ANKAVIA, KAOPY FENO RANO
MILA HITOSAKA: MISOY DIKANY BE IO. EO AMIN'NY
ANKAVANANA INDRAY DIA NY VATO FANDANJANA
MAMPITOMBONA NY FANDANJANA



APETRAKA MORAMORA
AO ANATY RANO
AMIN'IZAY NY PAOMA




MITOSAKA NY
RANO FA NY
PAOMA KOSA DIA
MITSINGEVANA




FA INONA NO
MITRANGA?

TSISY
INON'INONA!

MIFANDANJA TSARA NY FAN-
DANJANA. TENA TSY
NAHOMBY NY FANANDRA-
MANA




TSIA, MIFANOHITRA AMIN'IZANY AZA. NAHOMBY NY FANANDRAMANA: NITSINGEVANA NY PAOMA, IZANY HOE NY "AINGAN' I ARCHIMEDE" NO NANOSIKA NY LANJANY. INONA ÀRY NO ...
MIDIKA INONA ÀRY IO TOSIKA IO? RAHA NY FANDANJANA NO ITOKISANA DIA NY LANJAN'NY HAAVON'NY RANO NAFINDRA IZAY NITOSIKA TAMIN'IZAHO NANITRIKA NY PAOMA TANATY
RANO
NO NAHATONGA AZY



VOAPOROFO NY TOSIK'I ARCHIMEDE

OÉ!



NANDEHA NANKANY AMIN'NY ANDRIANA I CHATZMANI NILAZA FA VOAMARINA NY NOFINY ARY DIA NAHAZO SITRAKA TAMIN'NY ANDRIANA IZY HO VALIN'IZANY. I LANTURLU KOSA DIA NIVERINA TAMIN'NY ASANY



TSARA VINTANA AHO TAMIN'INY, SATRIA NY PAOMA DIA MAVESATRA KOKOA NOHO NY RANO. RAHA NY MIFANOHITRA AMIN'IZAY NO NITRANGA DIA VELOMA RY FANAPOROFOANA

HMMMMMM...



Ny Angano Siantifika

TENA LASA ADALA MIHITSY NY ANDRIANA. NISY MAJISI-
ANA NAMANGY AZY TAO ARY NILAZA FA MAHAY MAMPI-
JANONA NY FONY. IZAO DIA IZAHO INDRAY NO TIANY
HANANTANTERAKA IZANY
ZAVATRA TSY AZON'OLOMBELONA ATAO IZANY, RAHA TSY
IZANY DIA HALEFANY HOTAPAHIN-DOHA AHO!

LANTURLU!

TAHAKA NY MAHAZATRA DIA AMPANAOVIN'NY PRAIMINISITRA
CHATZMANI AN'I LANTURLU HATRANY NY ZAVA-TSAROTRA
ANGATAHINA AMINY

TADIDIO FA RAHAMPITSO MARAINA
IHANY DIA TOKONY HO HITANAO IO,
RAHA TSY IZANY!...

TOA HOE NANDRITRA NY TELOPOLO
TAONA HONO ILAY MAJISIANA NO
NITADY FOMBA HANANTANTERAHANA IO

NANDRITRA IZANY FOTOANA
IZANY IZY DIA TSY NIHINANA
AFA-TSY VOAN-JAVATRA

MILA TELOPOLO TAONA BE IZAO
HANDINIHANA MBA HAMPIJAN-
ONA NY FONY

EFA TSY SIANSA INTSONY
IZANY FA EFA MAJIA. MANON-
TANY TENA AHO HOE METY AFAKA
HANAMPY AHY VE I SOPHIA

NDAO ALOHA
HANDRAMANA.
INTY ALOHA NY
FANAOVAN-JIRO



AH, RY HAVAKO MALALA, HENOKO AVY AO ANATY FANAO-VAN-JIRO NY RESAKAREO DIA TSORIKO FA TENA TORAN'NY HEHY AHO. TENA FALY NY HAMITAKA OLONA FOTSINY ILAY MAJISIANA. AMIN'NY FOMBA AHOANA NO ILAZANY FA MAHAY "MAMPIJANONA NY FONY IZY"?

IZANY HOE, ASAINY MAKA NY FITEMPON'NY FONY IZY...

DIA INONA HONO NO ZAVATRA MISOY EO ANELANELAN'NY "FITEMPON'NY FO" SY NY FO ?

AHOANA NO FAKANA NY FITEMPON'NY FO

RAHA NY TOKONY HO IZY, LALAN-DRA, IZAY MITONDRA NY RA

AMINAO IZANY DIA IZAY NO FOMBA MAMPIJANONA NY FITEMPON'NY FONY, AMIN'NY ALALAN'NY FANAKANANA NY RA AVY AO AMIN'NY FO TSY HANDEHA ANY AMIN'NY HATO-TANANA

AMIN'NY ALALAN'NY INONA ANEFA ?

AMIN'ITO !

INY VOAN-JAVATRA KELY INY VE !?

MANANA TOETRA ARA-PAN-
AFODY ANGAHA INY VOAN-
JAVATRA INY?

TSY MISO IFANDRAISANY,
ITY VOAN-JAVATRA ITO NO
APETAKAO ETO AMBANY
HELIKA ETO, IZAY
LALOVAN'NY LALAN-DRÀ IZAY
MAMATSY RÀ VAOVAO HO
AN'NY SANDRINAO

TSY TAZANA IO, ARY
RAHA TSY TSINDRIKO
AMIN'NY SANDRIKO
NY TRATRAKO DIA HO
HENONAO ARA-
DALÀNA NY
FITEMPON'NY FOKO

NEFA KOSA RAHA TSINDRIKO NY
VOAN-JAVATRA AO AMBANY HELIKO
NEFA TSY RE AKORY DIA VOAFIA NY
LALAN-DRÀ. TSY MANDEHA INTSONY
NY RÀ ARY DIA TSY HENONAO
INTSONY
NY FITEMPON'NY FOKO

TENA MARINA TOKOA
IZANY!

MBA LOZA KOA NY NAFITSOK'ILAY MAJISIANA NAMITAKA NY ANDRIANA,
ARY DIA NAHAZO KITAPO FENO VOLAMENA TAMIN'NY FAMPINOANA AZY FA
"MANANA FAHEFANA IZY"



HÉ,HÉ. ARY IZAY KAY NO ANTONY NAHAIZAN'I LANTURLU IRENY ZAVATRA REHETRA IRENY: FANAOVAN-JIRO MAHAGAGA, FANAHY MANANA FAHEFANA MAHAGAGA, MIAFINA ANATY FANAOVAN-JIRO, VEHIVAVY

ARY I CHATZMANI, ILAY MAHATSIRAVINA IO, ANY AMIN'NY FARATAMPON'NY SEKOLY SIANTIFIKA ANY DIA NAHITA NY ZAVA-DREHETRA...



HUM... TENA FETSY TOKOA IANAO

NDEHA HO ANY AMIN'NY ANDRIANA AMIN'IZAY AHO. TSY ILAINA ANGAMBA NY MITANTARA AMINY NY MOMBA ILAY VOAN-JAVATRA ATAO AMBANY HELIKA



IZAY ARY, RY MPANOMPO. NDEHA AMIN'IZAY IANAO MANOHY NY ASANAO, INTY VOLA HO ANAO

NOMEN'I CHATZMANI VOLA AHO. METY TSY RATSY FANAHY IHANY IZY,



HAY, MISAO-TRA ...



NTSY... VOLA VARAHINA KELY TSY MISOY DIKANY INY

ANSELME! NANJAVONA ILAY FANAOVAN-JIRO MAHAGAGA!!!

Ny Angano Siantifika




ARY ITY IZANY ILAY FANAOVAN-JIRO MAHAGAGA AHAZOAN'I LANTURLU IRENY FAHAIZANA REHETRA IRENY. KOSEHINA FOTSINY ITY DIA MIVOAKA AVY AO ANATY FANAOVAN-JIRO ILAY FANAHY MANANA FAHEFANA MAHAGAGA ARY DIA MAMAHA NY OLANA REHETRA

TOMPOKO, AMPANAOVY ZAVATRA AHO FA NAHAZO FAHAIZANA ARA-TSIANSA AHO ARY METY HAHAVAHA NY OLANA REHETRA LAZAINAO

TSY MILA ANAO INTSONY AHO MANOMBOKA IZAO, REHEFA FENO RANO IO SINIBE IO DIA TSY HO OLANA AMIKO INTSONY IANAO




TSARA IZANY, HANTSOIKO IANAO REHEFA MISO TSY MAZAVA AMIKO INDRAY NY NOFIKO



TSY VANONA!

ANSELME...TSY AFAKA MANAMPY ANAO MIVANTANA AHO FA VOAHIDY AO ANATY FANAOVAN-JIRO MAHAGAGA, FANTARO KOSA NEFA FA MISO VAHAOLANA IO OLANA IO...



MAFY LOATRA ITY ROJO-VV ITY! TSY AFA-MIHETSIKA MIHITSY NY HATO-TANAKO. VERY AHO!



MISY VAHAOLANA HOE !?!
O RY SOPHIA ! MIHARIHARY IZAO
FA TSY MISY VAHAOLANA ITY FA
TSY MAINTSY HO FATY IHANY AHO



MITONIA ALOHA IANAO ... HO
VOAVAHANAO NY GADRANAO ...
SATRIA TSY TENA MIFATOTRA
NY TÀNANAO !

HEIN!?!




MIERITRERETA : TSY AFAKA HETSEHINAO
NY HATO-TÀNANAO , NEFA NY ROJO-VY
AFAKA MANDALO NY FEHIN-TÀNANA SY NY
HATO-TÀNANAO


REHEFA NIERITRERITRA I ANSELME DIA
NAHITA HEVITRA NONY FARANY

ROJO-VY MIRAIKITRA

MBA HAHAIZAN'NY MPAMAKY MAMERINA
ITY, AMIN'NY ALALAN'NY KOFEHY,
DIA






FEHIN-
TÀNANA



TOTOHONDRI'NI
ANSELME

NATAO TOV'NY
TADY MIFAMATO-
PATOTRA NY
FEHIN-TÀNAN'I
LANTURLU


MBA HAHAIZAN'NY MPAMAKY MAMERINA ITY, DIA AMIN'NY ALALAN'NY KOFEHY, DIA NATAO TOY NY TADY MIFAMATOPATOTRA NY FEHIN-TANAN'I LANTURLU



EO AN-DOHAM-PANDRIAN'I CHATZMANI ILAY IZY, IZY NEFA MATORY

TSARA IZANY ANDRO IZANY.
NDEHA HOJEREKO RAHA NANO-
NOFY ZAVATRA HAFAHafa MIFONO
MISITERY SIANTIFIKA INDRAY NY
ANDRIANA

NANONOFY VOAFATOTRA TOY IZAO
INDRAY NY ANDRIANA. TAO ANATY NOFY
DIA AZONY NY LAKILÉ ARY DIA VOAVAHA
NY GADRANY



AH, DIA MISY FANAMARIHANA KELY : TSY VOAVAHA
NY FATOTRA A G F E SY NY KIVANGO G, MAFY BE, TSY AFAKA
MANDALO AMIN'NY LAVAKA KELY B N'INON'INONA ATAO



MAZAVA HO AZY,
SAROTRA NY AHAZOANA
NY LAKILÉ RAHA NY
TADY FOTSINY NO SIN-
TONINA



KASOHIKO AMIN'IZAY
IZANY ILAY FANAOVAN-
JIRO




EH ? TOA TSY METY NEFA EFA
HO ADINY IRAY IZAY NO
NIKASOHA KO ITY FANAOVAVAN-
JIRO ITY!


NEFA MISY VAHAOLANA AMIN'IO OLANA IO (JEREO NY
PEJY MANARAKA)





Ny Angano Siantifika




NAMITA-TENA I SCHATZMANI. NIERITRERITRA IZY FA REHEFA AZONY FANAOVAN-JIRO MAHAGAGA DIA NITENY TAMIN'NY ANDRIANA IZY FA HO VITANY NY MAMAHA NY OLANA REHETRA. NEFA TSY ILAY FANAOVAN-JIRO TENA IZY INY ANY AMINY INY, DIA MIFATOTRA EO OHATRA NY ADALA IZY, RAHA TSY VOAVAHANY IO MANDRA-PAHALIN'NY ANDRO DIA HO ALEFAN'NY ANDRIANA HOTAPAHINA NY LOHANY !



HMM...



NDAO HANONTANIANA NY HEVITRY NY PROFE-SORA ZÉPHYR



TSY METY AKORY ILAY FANAOVAN-JIRO RATSY ITY

NY KIVANGO A IZAY MAMATOTRA AHY AMIN'ITY ROJO ITY DIA TSY MANDALO AMIN'NY LAVAKA T , TENA TSY AFAKA ATAOKO EO AMIN'NY A' ITY KIVANGO ITY MBA AHAFAHAKO MAHAZO NY LAKILÉ C SY HAHAVOAVAHA NY GADRAKO



TOMPOKO, TSY HAINAO TSARA NY NAMPIASA AZY

ATAO ETO AM-POTO-TSOFINA ETO NY FANAOVAN-JIRO MBA AHAFAHANA MAHAZO NY FANAZAVANA



ENTO ATY INY, HAINGANA

FA!.. TOA TSY MISOY N' INON-INONA AKORY !?!




EFA MANOMBOKA MIHA MAFY SOFINA ANGAMBA IANAO

NDAO FA HOHAZAVAIKO ANAO HOE AHOANA NY FOMBA HAMAHANA IO FATOTRAO IO



IE... IE... IZAY MIHITSY




NDEHA AVERINTSIKA HOJERENA NY OLAN'I SCHATZMANI TEO. VOAFATOTRA TAMIN'NY ROJO-VY M IZY AMIN'NY KIVANGO A, MAFY BE, IZAY TSY MANDALO AMIN'NY LAVAKA T. TOKONY HO HAINY NY MAMPANDALO NY KIVANGO A MANKANY AMIN'NY A' MBA AHAFAHANY MAHAZO NY LAKILÉ C SY HAHAVOAVAHA NY GADRANY

TSY METY IZANY SATRIA NY KIVANGO A TSY AFAKA MANDALO AMIN'NY LAVAKA T !




MANGALA SILAKA BAORITRA HANANDRAMANTSIKA AZY, DIA KOFEHY SY KIVANGO-NA LAMBAM-BARAVARANA



AHANTONY TSARA NY TADY B MBA HANDALOVAN'NY KIVANGO , TOY IZAO




HO ANTSOINTSIKA ITY HOE:" TOERANA VONJY MAIKAN'NY KIVANGO" . NDEHA AMIN'IZAY HOSINTONINTSIKA MAFY NY KOFEHY (TONDRO) MBA HANDALOVAN'NY TAHO A AMIN'NY LAVAKA




METY VE ?




MI !



REHEFA VITA IZAY DIA, AFAKA MANDALO AMIN'NY TAHO G1 SY G2 NY KIVANGO ARY MAHAZO NY FIPETRAKA Q. SINTONINA AMIN'IZAY NY TAHO VOATONDRO MBA HAMPIVERINA NY G1 SY G2 AMIN'NY SISIN'NY LAVAKA



NANDALO TAMIN'NY Q NY
KIVANGO RY DIA ATOMBOKA
AMIN'IZAY NY FISINTONANA
NY TAHO VOATONDRO



IZAY! AFAKA MANDALO TSARA AMIN'IZAY NY
KIVANGO

AMIN'NY ALALAN'NY FANARA-
HANA NY TONDRO



TONGA
NY ORA...




INTY TOMPOKO
NY FANAOVAN-
JIRONAO



SSSIIIII

MBA HAINAO MOA NY VAOVAO?
LASA NANKANY AMIN'NY MAJI I
SCHATZMANI MBA HITSABO NY
OLANA ARA-PANDRENESANY

NANONOFY BOATY AFAKA MIKODIA
IRERY INDRAY HONO NY ANDRIANA , TSY
MISY TADY TSY MISY INON'INONA .
SADY AFAKA MANAMORONA HONO ILAY
IZY!



Ny Angano Siantifika




NAHITA BOATY AFAKA MIKODIA IRERY INDRAY HONO NY ANDRIANA

TSY MAINTSY NISY HAFETSENA TEO IVELAN'NY BOATY... METY HOE NISY TADY ?

NA ANDRIAMBY ?

TSY NISY INON'INONA MIHITSY. NA DIA AN'ARATRA AZA. NANAMAFY IZY FA NY HAFETSENA REHETRA DIA AO ANATY BOATY IHANY!



HITAKO ! VOATOSIKA TAMIN'NY FIOTA ILAY BOATY !

TSY IZANY KOA ! NAMAFISIN' NY ANDRIANA FA IO BOATY MIKODIA IO DIA TSY MAMPITA TSIOKA SADY TSY MANDRAY VOVOKA AMIN'NY FANDALOVANY. ARY DIA MANAMORONA HATRANY IZY !




JEREO I ANSELME ! MANDANY ANDRO AMIN'NY FAMOAHANA AN'I SOPHIA AMIN'NY FANAOVAN-JIRONY IZY, NA HO ENY NA HO TSIA. METY MANANA FANONTANIANA BETSAKA HAPETRAKA AMINY IZY



NEFA IZAHO INDRAY MITENY HOE TARAICY AMIN'I SOFIA IZY

FA I SCHATZMANI KOSA IZAY NOMEN'I LAN-TURLU FANAOVAN-JIRO TSY MAHAGAGA AKORY, DIA GAGA HOE FA MANINONA ITY FARANY NO TSY METY MIRESAKA AMINY



AHOANA ARY NO FOMBA HANANTANTERAHANA NY NOFIN'NY ANDRIANA ?




ITY NY LAKILEN'NY MISITERY, LOHARANON'NY ANGOVO

INY VE TSY LASITIKA TSOTRA FOTSINY !?


NDAO ALOHA HASIANA LAVAKA TSIRAIRAY AVY EO AFOVOAN'NY LAFIN'NY BOATY ANANKIROA (*)



ARAIKITRA EO AMIN'NY TENDRON'NY AFOKASOKA AVY EO ZAVATRA MAVES-ATRA IRAY, HANOHITRA NY LANJANY (FIRAKA NO TENA METY)



KETOHINA ANATY PERATRA ELASTIKA NY AFOKASOKA, HOATR'IZAO. ARY IZY IO DIA MIRAIKITRA EO AFOVOAN'NY LAFIN'NY BOATY, HAMPIHENJANA AZY (*) (*)



DIA AHODINA NY BOATY MBA "HAMPISONDRO-TRA" NY ELASTIKA

AFAKA MIAKATRA AMIN'NY SOLAMPY KOA AZA IZY, MANDRA-PIJANONY TANTERAKA



DIABOLIKA MIHITSY ITY ZAVATRA ITY!

RAHA APETRAKAO MORAMORA NY BOATY DIA MIKODIA HO AZY

MAHAGAGA!

(*) BOATY METALIKA, PILINA NA VATOMAMY

(*) (*) MILA ELASTIKA KELY SY MALEFAKA !

TSIA, TIRESIAS, HAIHETSIKA IO

NDAO AMIN'IZAY ÀRY IO
HOHAZAVAINA AN'I
SCHATZMANI
IZAY EFA MIKORETAKA EO AM-
BODY FANAOVAN-JIRO TSY
MITENY FA MOANA.

KAY MATORY IZY ! METY MIERITRERITRA
ANGAMBA IZY . MANDRERAKA AZY IO MATE-
TIKA . NDEHA HOFAHANAKO NY BOATY DIA
TSINDRIKO AMIN' NY
FANAOVAN-JIRO

DADANY INDRAY
IZANY, NIVOAKA AVY
AO ANATY FANAOVAN-
JIRO MAJIKA ILAY
BOATY !

AFAKA MIKODIA SAMIRERY
IZY. METY AO ANATINY AO
ANGAMBA I CHAITAN (*)!

NDAO MBA HIALA SASATRA. MANAN-
POTOANA BETSAKA ISIKA MANDRA-PAHA-
ZONY NY FANDEHAN-JAVATRA

(*) DEVOLY ANY AMIN-DRY ZAREO
TATSINANANA

Ny Angano

Siantifika

8

NAHAZO VOLA SABAMENA
DIMY AHO TAMIN'IRENY
HEVITRA NOMEKO AN'I
SCHATZMANI IRENY

HATAOKO
INONA ARY
IRETO?

TOMPOKO, HENOY ANIE.
MANAM-BOLA VE ALOHA IANAO
E ? RAHA TIANAO, DIA MBOLA
HAHAZO Hafa IANAO

ITY ILAY MPANAKALO...
INONA INDRAY IZATO
LAZAINY?

MILALAOVA MIARAKA AMIKO
FOTSINY IANAO. IANAO MBOLA
TANORA, SADY KINGA. TSY
MAINTSY HAHAZO AMIN'ITY
IANAO!

SA HIVIDIANAKO TIRIBÀ VAOVAO ?

MITADY
FANAOVAN-
JAVAMAMY ?

TSOTRA FOTSINY, HENOY : MAKA VOLA
IRAY IANAO DIA ATAOVY AO ANATY
TANANA MITSOTRA TSARA, HOATR'IZAO

IZAO INDRAY DIA HATAOKO AO AMBANY
TĀNANAO NY TĀNAKO. NY TĀNANAO DIA
AVELAO HITSOTRA IHANY. RAHA VITAKO
NY MAHAZO
NY VOLANAO ALOHAN'NY HANIDINAO NY
TĀNANAO, DIA LASAKO NY VOLANAO,
RAHA TSY IZANY DIA IZAO NO MANOME
VOLA ANAO

BETSAKA NY LALANA
ANDALOVAN'NY TĀNANY VAO
METY HAHAZO NY VOLA, NEFA
IZAO TSY MANAO AFA-TSY NY
MANIDY NY TĀNAKO. IZAO VE
DIA TSY
HAHARESY AMIN'ITY KILALAO
VENDRANA BE ITY



EKENA ÀRY



VONONA IANAO, AOKA ALOHA AHO
HIFANTO-TSAINA TSARA



ODRY !?

HOP!



IZAY ! MBOLA VONONA IANAO ?

IE

LÀSANY NY VOLA ARIARY TELO. MISY
ZAVATRA TSY MÀZAVA . NDEHA HAKA
AN'ILAY FANAOVAN-JIRO HAINGANA



AH! AH!

RAHA NY HEVITRO ALOHA DIA EFA ZATRA
INGAHIRAINY. NY TANANAO ANEFA
MIADANA BE. TOKONY HO HITANAO NY
TANANY REHEFA MIALA , SATRIA
NY TANANAO EFA NOMENAO BAIKO HIKATONA.
DIA LASA LANY FOTOANA BE
IANAO



MILA
FOTOANA !?

HO SAROTRAROTRA IHANY NY
MANAZAVA AZY AMINAO : EO
ANELANELAN'NY MASONAO, NY
ATIDOHANAO SY NY TANANAO DIA
MISY HOZATRA, MIBAIKO AVY ANY
AMIN'NY ATIDOHA



FA RAHA OHATRA KA IZAHO
INDRAY IZANY NO MAKA
AN'ILAY VOLA DIA IZAHO NO
MANDRESY ! DEHA HIVERINA
ANY AHO

HAMERINA HOE
IANAO ? EKENA ARY .
ALEFASO !



TSY NAHAZO ! MANOME
VOLA AHY INDRAY
IANAO



CHAITAN (*)
MIFAINGOKA
MIHITSY NY
TANANAO!

TENA TSY MAZAVA AMIKO INTSONY RY
SOFIA . TENA KINGA NOHO IZAHO
TOKOA VE IZY ?





TSIA, FA HAINY FOTSINY
NY MAKA HAINGANA ILAY
VOLA. IZAY NO FAHA-
ZOAKO AZY

(*) DEMONY



Ny Angano

Siantifika



HENOY AHO, TAMIN'NY ALINA DIA TONGA TAMI-KO NY IRAY AMIN'IREO ARKANJELY FITO MPIAMBINA IZAO TONTOLO IZAO. DIA NATORONY AHY NY KANETY MAJIKA IRAY KA HOY IZY : JEREO NY MASOKO ARY KASIHO ITO KANETY ITO.

DIA NORAISINY NY TANAKO
ARY NAKASONY TAMIN'ILAY
KANETY ARY HOY IZY : "IRAY
MIRA ROA!" DIA TSAPAKO
TOKOA FA LASA ROA ILAY
KANETY

DIA ROA TOKOA VE?

TSIA. IRAY IHANY FA
NOHAMARINIKO ILAY IZY
AVY EO. HAZAVAO AMIKO
IZANY ZAVATRA IZANY.

FA...

MAHALASA ADALA AHY
INY NOFY INY. TADIAVO
NY HEVITRA RAHA TSY
IZANY FANTATRAO
IHANY NY HATAOKO.

FA MANINONA ARY
ILAY AKA RAHA
MANONOFY TOY NY
OLON-DREHETRA !!

ENTO ATY I
LANTURLU,
HAINGANA !

ENY TOMPOKO,
FANTATRO, FAN-
TATRO...


KANETY SADY TOKANA
NO IRAY?

NTSS, REHEFA MIJERY ILAY KANE-
TY NY ANDRIANA DIA NY MASONY
NO AMPIASAINY ARY IRAY IHANY
NO HITANY. FA REHEFA KASIHINY
ILAY IZY DIA TSAPAN'Y HOE ROA.
ZAVATRA SAMY Hafa IZANY

METY MISO HEVITRA
AMBADIKA TSY TAKAN-
TSIKA ANGAMBA



HOY IANAO !





Ny Angano Siantifika



ANDRASO FA TAMY AHO. FA MISO INONA?



JEREO INY BANDY INY

NAHAZO KITAPOM-BOLAMENA AVY AMIN'NY ANDRIANA IZY. NY MARINA DIA NISY ZAVATRA NATAONY NEFA TSY VITAN'NY OLONA REHETRA TETO AMIN'NY FANJAKANA. NA IREO MAHERY SY KINGA INDRINDRA AZA.


REHEFA NANONTANIANA I SCHATZMANI DIA NILAZA FA NANAO FIFANARAHANA TAMINI SATANA IO LEHILAHY IO KA NAHAFAHANY NANAO FAHAGAGANA. LAZAINY FA HOE TANAN-DEVOLY NY TANANY.



NEFA IZY TSY DIA HOE MATANJAKA BE AN...



TANAN-DEVOLY? FA INONA MARINA NO NITRANGA E? TANTARAO...



(*) TRANON'AFOKASOKA DIA EFA METY



FA TAIZA ARY NO NAHAZOAN'INY OLONA MALE-MILEMY KELY INY IZANY HERY IZANY? MISTERY!

ANGAHA IZAY IHANY? NY TANANY AZA OHATRA NY AM-BEHIVAVY KOH !




HI ! HI ! HI !



AVOAHY TATO AHO DIA HOHAZAVA IKO AMINAREO IZANY.

DIA AHOANA RY SOFIA NY TSIAMBARATELON'IZANY?



NY TENA MARINA DIA ...TSY MISO TSIAMBARATELO IZANY IO.



MISY IO E! IANAO IZAO MAHAVITA NEFA IZAO TSY METY MAHAVITA MIHITSY.

MIANDRY BAIKO AVY AMIN'NY ATIDOHA NY HOZATRA. IZAO IANAO IZAO DIA TSY MAHAY MANDEFA TSARA ILAY BAIKO. METY HIREHITRA MIHITSY AZA ANGAMBA NY TANANAO !!



RESAKA FIANARANA FOTSINY IZANY E.

TSY MAINTSY ALEFANAO MANKANY AMIN'NY HOZATRA MIFANARAKA AMINY NY BAIKO DIA AVY EO AMBOARINAO TSARA NY FIHETSIKY NY HOZATRAO MBA HAHAVITANAO ANILAY IZY



MARINA IZANY!

Ny Angano


Siantifika

TAITAITRA INDRAY NY ANDRIANA FA NAHITA NOFY SIANTIFIKA VAOVAO IZY TAMIN'NY ALINA.



AHOANA NO NAHAFANTARANAO IZANY?

TSY NITSAHATRA NIKOFOKOFOKA IZY ARY IZAHO NO TSY NAHITA TORY. DIA NOTANTARAINY AHY NY NOFINY RAHA VAO MARAINA NY ANDRO.




DIA INONA HONO NY LAZAIN'IO NOFY IO?

TSY AZOKO NY TIANY HOLAZAINA. HOY IZY HOE "NISY OLONA NAHAVITA NANAINGA NY TENANY TAMIN'NY ALALAN'NY LANJANY IHANY". TSY HAIKO E, IZAHO ANIE IRAY AMIN'TREO VADINY FOTSINY E.

SAMY MANANA NY TALENTANY IO. I SCATZMANI NO MIANDRAIKITRA NY REDIREDY SIANTIFIKAN'NY ANDRIANA FA TSY IDIRAKO IZANY.



IZAHO INDRAY EONOKA FOTSINY.



MARINA NY ANAO. SAMY MANANA NY TALENTANY IO. TSARA KOSA NY MOFO NAMBOARINAO ANI!

MISAOTRA.



AO ARY HOE JERENA IZATO SCHATZMANI. SOMOKOTRA ERY IZY IZANY MAMAHA OLANA MEKANIKA. IO IZAO MISY TADY DIA POLIA NA BOLAKY ARY VATO FANDANJANA.




TRARANTITRA IANAO RY MPANJAKA.
ETO KOSA ANEFA DIA HEVERIKO FA TSY
AZO TANTERAHINA IZANY.

EFA HOE IZANY
HO' AHO NY
ZAVATRA HITAKO
TAMIN'NY NOFY!

RY FAHAZAVAN'NY TATSINANANA Ô, RY
MPANJAKANI ABSURDISTAN Ô, TSY
SIANTIFIKAN'NY AKADEMIA NO
ILAINAO FA DOKOTERA! ALEOKO MIALA
AMIN'ITY ASA ITY. VOARAY HIASA ANY
AMIN'NY AKADEMIANI INTEGRISTAN
AHO.

JEREO FA LASA FOTSY SY NGITA
MIHITSY NY VOLOKO TEO
ANATREHAN'IZANY OLANA REHETRA
IZANY. LEO AHO! ...

BOLAKY TSY MISOY FIFAMPIKASOHANA



TENA REDIREDY IZANY. RAHA $P > L$ DIA
MIAKATRA I LANTURLU. FA RAHA $P = L$ DIA
TSY MISOY NA INONA NA INONA MISEHO!
NDEHA AHO HANAO FILOHAN'NY AKA-
DEMIA SIANTIFIKANI INTEGRISTAN.
TRANON'ADALA MANTSY ITO FANJAKANA
IRAY ITO.



AFAKA MANOROKA ILAY
MALALAN'NY ANDRIANA VE
I LANTURLU RAHA MIAKA-
TRA AMIN'IO TADY IO?

VENDRANA KOA I
SCHATZMANY INY! EFA
KELY SISA DIA HO TAN-
TERAKA NY NOFIN'ILAY
ANDRIANA VAO LASA
IZY.

INONA NO
TIANAO HOLAZAINA?

HO ELA
VELONA ANIE I
INTEGRISTAN!

65 Kg I LANTURLU. ILAY VATO KOA TORAK'IZAY. RAHA SINTONINI' I LANTURLU ILAY TADY DIA MIFINDRA ANY AMIN'ILAY VATOMIZANA SY ... ANY AMINY NY HERY NOHO NY TSY FISIANNY FIFAMPIKASOHANA EO ANIVON'NY BOLAKY (POULIE SANS FROTTEMENT). IZANY DIA MANARAKA NY LALANAN'NY FIFAMALIANA (ACTION-REACTION). RAHA 65 Kg NA LATSAK'IZAY ILAY HERY DIA TSY MISOY NA INONA NA INONA. FA RAHA VAO MISINTONA I LANTURLU DIA MIARA-MIAKATRA IZY ROA SATRIA HERY MITOVY NO MIHATRA AMINY ARY MITOVY NY LANJANY.

OAY LEITY E...
MARINA NY ANI
SOFIA

DIA AHOANA E?
AIZA IHANY ILAY
BIZOU BIZOU?

AO AMIN'NY FIZARANA
MANARAKA SADY
FARANY DIA HO HITANAREO
AMIN'IZAY ILAY
ANDRIANA!

FLOP! FLOP!

?

Ny Angano

12

Siantifika

DIA HARIVA NY ANDRO TANY
ABSURDISTAN



FA NY SIANSA KOA RY ANSELME, TOY NY NOFINOFIM-PAHI-
TANA ANY AN-TANY EFITRA.



JEREO NY KINTAN'NY LANITRA. AN-JATO TAONANY MARO NO NIHEVITRA NY OLONA FA IREO MANJELATRA INDRINDRA NO AKAIKY INDRINDRA. NEFA KAY IZY IREO DIA KINTANA MAVOMAVO MAMOAKA HAZAVANA BE FOTSINY ARY INDRAINDRAY AZA DIA LAVITRA BE IZY



TENA MANAM-PAHAIZANA IANAO RY SOFIA.


DIA NIHEVITRA KOA IZY HOE MITOVY HALAVIRANA AMIN' NY PLANETA NY KINTANA, IZANY HOE "ANALINALINY KILAOMETATRA". DISO TANTERAKA NY FIHEVERANY AN'IZAO TONTOLO IZAO.





ARY DIA NOTANANY ELA DIA ELA IZANY HEVI-DISO IZANY.

DIA NILAZA IREO OLONA MITOVY AMINI SCHATZMANI FA TSY MIHETSIKA NY TANY RAHA TSY IZAY DIA TOKONY HIOVA TOERANA IREO KINTANA AKAIKY INDRINDRA NOHO NY FISIAN'NY "PARALAXE" AMIN'NY KINTANA FARAN'IZAY LAVITRA


ILAY MPANDINIKA KINTANA DANO A IRAY AZA, TYCHOBRAHÈ, DIA NANAPOROFO TAMIN' NY KAJY FA TSY MITOMBINA NY FILAZANA HOE MIHODINA NY TANY SATRIA HONO NY LANITRA TSY MIHETSIKA



VOLAFOTSY NY ORONI TYCHO SATRIA ILAY TENA IZY DIA TAPAKA TAMINIZY NIADY



FANAZAVANA NY "PARALLAXE" : E DIA "KINTANA AKAIKY" ARY e_1 SY e_2 DIA KINTANA ALAVITRA. RAHA MIHODINA MANODIDINA NY MASOANDRO NY TANY DIA TOKONY HIOVA ARAKARAKY NY TONON-TAONA NY ENDRIKY NY KINTANA e_1 SY e_2 "ANY AN-DANITRA"



ARY DIA IZANY MIHITSY NO ZAVA-MISEHO FA I TYCHO ANEFA TSY NAHAFANTATRA NY HALAVIRANNY KINTANA : ANALINALINY LAVIDAVITRA KOKOA NOHO NY PLANETA IZY IREO. RAHA MITOVY HABE AMIN'NY VOLA ARIARY NY MASOANDRO MIARAKA AMIN'NY PLANETA MIHODIDINA AZY DIA ANY IVELAN'ITY TANAN-DEHIDBE ITY NO MISY NY KINTANA AKAIKY INDRINDRA. NIANDRY NY TAON-JATO FAHA-XIX SY NY FAMORONANA NY FAKAN-TSARY I BESSEL VAO AFAKA NANAPOROFO IZANY.



IZANY FA NITSOKA NY RIVOTRY NY TANY EFITRA. NDAO HIDITRA ANY AN-TRANO.



IZANY FA HENOKO MANAKO ANY NY FEON'NY ANDRIANA. HIDITRA ATO HAINGANA AHO!

AIZA ILAY MPIASANI SCHATZMANI?

IZAHO NO IZY, TOMPOKO.

